

Malagasy Protestant Church in France  
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich  
**Eglise Protestante Malgache en France**  
**Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy**



Siège national  
47 rue de Clichy  
753119 Paris Cedex 09  
Tél. 01 45 96 03 05

**Sampana Iraisana**  
**Sekoly Alahady**

**Culte RNSA**

**DIMANCHE 7 MAI 2023**

*(L'assemblée se lève / Mitsangana)*

*Prélude* / Feon-java-maneno

Officiant : *Au nom du Père et du Fils et du Saint-Esprit.*

Mpitarika : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

Assemblée : Amen

Fiangonana : Amena.

*Salutation apostolique*

Fiarabana Apostolika

**FIDERANA**  
**LOUANGE**

---

# Chant SA

**(“NDAO MBA HIARAKA AMINAY ”)**

***Refrain : (2x)***

***‘Ndao mba hiaraka aminay***

***Ho aiza e ?***

***Hiaraka hitady an’i Jeso***

*1. Fitiavana (2x), fitiavana i Jesoa*

*2. Fiadanana (2x), fiadanana i Jesoa*

*3. Hasambarana (2x),  
hasambaran’i Jesoa*

*4. Fihavanana (2x), fihavanan’i  
Jesoa*

## Chant SA

**(“NDAO MBA HIARAKA AMINAY ”)**

***Refrain : (2x)***

***‘Ndao mba hiaraka aminay***

***Ho aiza e ?***

***Hiaraka hitady an’i Jeso***

*5. Fahazavana (2x), fahazanan’i Jesoa*

*6. Fahamarinana (2x), fahamarinan’i  
Jesoa*

*7. Fahasoavana (2x), fahasoavan’i  
Jesoa*

*8. Mofon’aina (2x), mofon’ain’i Jesoa*

## Salamo 33 / Psaume 33

---

### **Mpitarika (and.1-3):**

Manaova horakora-pihobiana, ry olo-marina, noho ny amin'izay nataon'ny TOMPO; fa tombontsoa ho anareo ny midera Azy, ry olo-mahitsy. Miderà ny TOMPO amin'ny lokanga; ka salamo arahim-baliha torifolo no ataovy ho fankalazana Azy. Mihirà hira vaovao ho Azy. Manaova feon-java-maneno kanto miaraka amin'ny fihobiana.

## Salamo 33 / Psaume 33

---

### **Fiangonana (and.4-9):**

Fa mahitsy ny tenin'ny TOMPO ka azo antoka avokoa izay ataony. Ny rariny sy ny hitsiny lalainy; ny fitiavany manenika ny tany.

Nandidy ny TOMPO, dia vita ny lanitra; niteny Izy, dia ary ny planeta sy ny kintana. Angoniny sy fefeny ny rano an-dranomasina ataony ampitahirizana azy ny rano lalimbe. Hatahotra ny TOMPO anie ny tany tontolo; hangovitra eo anatrehany anie ny mponina rehetra ao aminy!

Fa niteny Izy, dia tonga izay voalazany; nandidy Izy, dia nisy avy hatrany ireny.

## Salamo 33 / Psaume 33

---

### **Mpitarika (and. 10-12):**

Ny TOMPO maharava ny fikasan'ny firenena ary mahasakana ny hevitra ny vahoaka; fa ny fikasan'ny TOMPO no maharitra mandrakizay, ny hevitra ny fony manerana ny taranaka mifandimby. Sambatra ny firenena manana ny TOMPO ho Andriamanitra; sambatra ny vahoaka nofidiny mba ho Azy manokana.



## Salamo 33 / Psaume 33

---

### **Fiangonana (and.13-15):**

Avy eny an-danitra ny TOMPO no mitsinjo sy mijery ny olombelona rehetra; Avy eo an-tsezafiandrianany no andiniany ny mponina rehetra etỳ ambonin'ny tany. Mpamorona ny saina amam-piniavana Izy, ka mahalala izay rehetra ataon'ny olona.

## Salamo 33 / Psaume 33

---

### **Mpitarika (and.16-19):**

Raha handresy amin'ny ady ny mpanjaka, dia tsy noho ny hamaroan'ny miaramilany; ary raha afa-doza ny mpiady, dia tsy noho ny haben'ny heriny. Fa ny soavaly tsy azo itokiana hahazoam-pandresena; ary na matanjaka be aza izy, dia tsy mahavonjy ny mpitaingina azy. Tsinjovin'ny TOMPO kosa ireo mpanaja Azy, dia ireo olona miantehitra amin'ny fitiavany, mba hanafaka ny ainy amin'ny fahafatesana sy hamelona azy na dia misy mosary aza.

## Salamo 33 / Psaume 33

---

### **Fiangonana (and.20-22):**

Miandry ny TOMPO tokoa isika: famonjena sy fiarovana ho antsika Izy. Eny, Izy Tompo no ifalian'ny fontsika; masina ny anarany ka itokiantsika. TOMPO ô, ho aminay anie ny fitiavanao araka ny ianteheranay aminao!

**Chant**

**FF 48**

**« Andriamanitra fitiavana Ianao ! »**

## Chant FF 48

*1. Andriamanitra fitiavana Ianao!  
Ka mihevitra ny momba anay ety,  
Raha mifoha maraina izahay  
Dia tsy afaka am-bavanay ny hoe :  
Ampy ho anay ny Fahasoavanao !*

***Fiv : Raha maraina mibaliaka  
ny andronay ety  
Ianao no masoandro niaviany ;  
Raha ny alin'ny ririnina no  
handalo ety  
Ianao no kintana hitantana ny  
dia  
Ka ny vavaka atao  
Izay mipololotra am-ponay ao  
hoe :  
Izahay anie hatoky Anao !***

## Chant FF 48

*2. Andriamanitra fitiavana lanao !  
Ka mitantana ny dianay ety ;  
Raha mandimby ny andro ny alina  
Mbola tokana ny deranay hoe :  
Ampy ho anay ny fahasoavanao !*

***Fiv : Raha maraina mibaliaka  
ny andronay ety  
lanao no masoandro niaviany ;  
Raha ny alin'ny ririnina no  
handalo ety  
lanao no kintana hitantana ny  
dia  
Ka ny vavaka atao  
Izay mipololotra am-ponay ao  
hoe :  
Izahay anie hatoky Anao !***

**Vavaka FIHAONANA**  
*(Prière d'Évocation-Invocation)*

**Feon-java-maneno / *interlude***

**VAVAKA FIFONANA SY FIAIKEN-KELOKA**

*Prière de repentance*



**Mpitarika : Vavaka mangina**  
*Officiant : méditation en silence*

## **Fiangonana :**

“Ry Rainay be famindrampo ô, mitalaho aminao izahay; mamelà ny helokay ; diovy izahay ho afa-pahotana ; sasao izahay mba ho afa-keloka; ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan’i Jesoa Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay aminao”. Amena.

***Assemblée*** : « *Père, à cause de ta compassion, pardonne nos fautes; purifie-nous et efface nos péchés; lave-nous de tous les maux qu’on a faits; renouvelle notre esprit afin d’être disponible à te servir. Nous te le demandons à cause de l’amour de ton Fils Jésus Christ notre Sauveur. Amen* »

# Chant

*Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô,  
mamindrà fo aminay !*

*Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà  
fo aminay !*

*Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô,  
mamindrà fo aminay !*

**TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA**

***Proclamation du pardon et réconciliation***

**Chant**  
**FF 7 and. 2**  
**(Tsy hainay hadinoina)**

*2. Tsy hainay hadinoina  
'Lay fara-fitiavanao, Ray o!  
Fa maty novonoina  
Ny Zanakao hamonjy anay.*

***Fiv : Ka dera ry Ray!  
Sy saotra no atolotray ho Anao  
Raiso (fo sy fanahy), fo faly loatra  
No entinay midera Anao.  
Ny sainay tsy ampy hahalala  
Ny fatran'ny fitiavanao  
Ka raiso ry Tompo Malala  
Ny fankasitrahana Anao (ry Ray).***

**SITRAPON'ANDRIAMANITRA**

---

**Volonté de Dieu**

**FANKALAZANA**

---

**Gloria**



**NY SORATRA MASINA**  
***LECTURE DE LA PAROLE***

**Chant**

**FFPM 190**

**« Ry Fanahy mpanazava »**

*1. Ry Fanahy mpanazava  
Miandrindra Anao 'zahay,  
Aza ela fa tongava,  
Taomy ny fanahinay !  
Mba ho fantatray mazava  
'Zay lazain'ny Teninao,  
Areheto lalandava  
Ao am-po ny afonao !*

Mpitarika : *Vavaka fitsilovana*

*Officiant : Prière d'illumination*

## ***Asan'ny apositoly 8.5-17 / Actes des apôtres 8.5-17***

### **Dieu annonce que Sara aura un fils**

1 L'Eternel apparut à Abraham parmi les chênes de Mamré, alors qu'il était assis à l'entrée de sa tente pendant la chaleur du jour.

2 Il leva les yeux et vit trois hommes debout non loin de lui. Quand il les vit, il courut depuis l'entrée de sa tente à leur rencontre et se prosterna jusqu'à terre.

3 Il dit : « Seigneur, si j'ai trouvé grâce à tes yeux, ne passe pas loin de ton serviteur.

4 Permettez qu'on apporte un peu d'eau pour vous laver les pieds et reposez-vous sous cet arbre.

## **Petera Voalohany 3.15-18 / 1 Pierre 3.15-18**

### **Dieu annonce que Sara aura un fils**

1 L'Eternel apparut à Abraham parmi les chênes de Mamré, alors qu'il était assis à l'entrée de sa tente pendant la chaleur du jour.

2 Il leva les yeux et vit trois hommes debout non loin de lui. Quand il les vit, il courut depuis l'entrée de sa tente à leur rencontre et se prosterna jusqu'à terre.

3 Il dit : « Seigneur, si j'ai trouvé grâce à tes yeux, ne passe pas loin de ton serviteur.

4 Permettez qu'on apporte un peu d'eau pour vous laver les pieds et reposez-vous sous cet arbre.

5 J'irai prendre un morceau de pain pour vous restaurer, puis vous continuerez votre route, car c'est pour cela que vous passez près de votre serviteur. » Ils répondirent : « Fais comme tu l'as dit. »

6 Abraham s'empressa d'aller trouver Sara dans la tente et dit : « Prends vite 22 litres de fleur de farine ! Pétris-la et fais des gâteaux. »

7 Abraham courut à son troupeau, prit un veau tendre et bon et le donna à un serviteur qui se dépêcha de le préparer.

8 Il prit encore du lait caillé et du lait, avec le veau qu'on avait préparé, et il les mit devant eux. Il se tint lui-même à leurs côtés, sous l'arbre, et ils mangèrent.

**Chant**  
**FFPM190 and.2**  
**« Ry Jesosy, mitenena »**

## Chant FF 48

*2. Ry Jesosy, mitenena  
Araka ny fombanao  
Aminay izay manantena  
Mba handre ny feonao !  
Fo marary sy manahy  
Mba tsaboy sy iantrao ;  
Ny te hino fa tsy sahy,  
Anehoy ny holatrao !*



## Jaona 14. 15 – 21 / Jean 14. 15 – 21

### Dieu annonce que Sara aura un fils

1 L'Eternel apparut à Abraham parmi les chênes de Mamré, alors qu'il était assis à l'entrée de sa tente pendant la chaleur du jour.

2 Il leva les yeux et vit trois hommes debout non loin de lui. Quand il les vit, il courut depuis l'entrée de sa tente à leur rencontre et se prosterna jusqu'à terre.

3 Il dit : « Seigneur, si j'ai trouvé grâce à tes yeux, ne passe pas loin de ton serviteur.

4 Permettez qu'on apporte un peu d'eau pour vous laver les pieds et reposez-vous sous cet arbre.

**Fiangonana :**  
***“Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara”***

***Assemblée:***  
***béni soit le Seigneur pour le don de l'évangile***

## FANEKEM-PINOANA

# Confession de foi

**Mino an' Andriamanitra Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho. Ary mino an' i Jesoa Kristy Zanany Lahy Tokana Tompontsika, izay notorontoroina tamin' ny Fanahy Masina, naterak' i Maria Virjiny, nijaly raha nanapaka i Pontio Pilato, nohomboana tamin' ny hazo fijaliana, maty ka nalevina, nidina tany amin'ny fiainan-tsy hita, nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo,**

*Je crois en Dieu, le Père tout-puissant, créateur du ciel et de la terre. Je crois en Jésus-Christ son Fils unique, notre Seigneur, qui a été conçu du Saint-Esprit, et qui est né de la vierge Marie; Il a souffert sous Ponce Pilate, Il a été crucifié, Il est mort, Il a été enseveli, Il est descendu aux enfers; le troisième jour, Il est ressuscité des morts;*

## FANEKEM-PINOANA

# Confession de foi

Niakatra ho any an-danitra, mipetraka eo an-kavanan' Andriamanitra Ray Tsitoha, avy any no hiaviany hitsara ny velona sy ny maty.

Mino ny Fanahy Masina aho, ny Fiangonana Masina manerana izao tontolo izao, ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan-keloka, ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amena.

*Il est monté au ciel, Il siège à la droite de Dieu le Père Tout-puissant ; Il viendra de là pour juger les vivants et les morts.*

*Je crois en l'Esprit Saint; je crois la Sainte Église universelle, la communion des saints, la rémission des péchés, la résurrection de la chair et la vie éternelle. Amen*

**FOTOANAN'NY ANKIZY**

***ANIMATION POUR LES ENFANTS***

**Hira / *Cantique***  
**ATG200**  
**Que la grâce de Dieu**

1. Que la grâce de Dieu soit sur toi  
Pour t'aider à marcher dans ses  
voies.

Reçois tout son pardon et sa  
bénédiction.

Va en paix, dans la joie, dans  
l'amour.

2. Que le Maître te garde  
toujours  
Dans l'attente de son grand  
retour.

Mets ta main dans sa main  
Tout le long du chemin.  
Va en paix, dans la joie, dans  
l'amour

**TORITENY**  
*PRÉDICATION*



**Feon-java-maneno**  
*Intermède musical*

**Vaovaom-piangonana**  
*Annonces*

**Fanatitra**  
*Offrandes*

# Chant JEM316

## Refrain

**Aimez-vous comme je vous ai aimés,  
Donnez-vous comme je me suis donné.  
Le monde saura en vous voyant,  
Comme mon amour pour lui est grand.  
Ma vie, je l'ai donnée pour mes frères  
Afin de les mener vers mon Père.  
Faites ainsi par amour pour moi,  
Afin que le monde entier croie.**

1. Y a-t-il de plus grand amour  
Que d'offrir sa vie sans retour  
Pour sauver ses amis, ses frères ?  
C'est révéler l'amour du Père.  
Qui veut sauver sa vie la perd,  
Qui la perd pour mon Père, vivra,  
Car je suis venu sur la terre  
Afin que tu vives pour moi.

# Chant JEM316

## Refrain

**Aimez-vous comme je vous ai aimés,  
Donnez-vous comme je me suis donné.  
Le monde saura en vous voyant,  
Comme mon amour pour lui est grand.  
Ma vie, je l'ai donnée pour mes frères  
Afin de les mener vers mon Père.  
Faites ainsi par amour pour moi,  
Afin que le monde entier croie.**

1. Y a-t-il de plus grand amour  
Que d'offrir sa vie sans retour  
Pour sauver ses amis, ses frères ?  
C'est révéler l'amour du Père.  
Qui veut sauver sa vie la perd,  
Qui la perd pour mon Père, vivra,  
Car je suis venu sur la terre  
Afin que tu vives pour moi.

# Chant JEM316

## Refrain

**Tournez les yeux vers le Seigneur  
Et rayonnez de joie.  
Chantez son nom de tout votre cœur,  
Il est votre Sauveur,  
C'est lui votre Seigneur.**

1. J'ai cherché le Seigneur  
Et il m'a écouté.  
Il m'a guéri de mes peurs  
Et sans fin je le louerai.

# Chant JEM316

## Refrain

**Tournez les yeux vers le Seigneur  
Et rayonnez de joie.  
Chantez son nom de tout votre cœur,  
Il est votre Sauveur,  
C'est lui votre Seigneur.**

2. Dieu regarde ceux qu'il aime,  
Il écoute leur voix ;  
Il les console de leurs peines  
Et il guide leurs pas.

# Chant JEM316

## Refrain

**Tournez les yeux vers le Seigneur  
Et rayonnez de joie.  
Chantez son nom de tout votre cœur,  
Il est votre Sauveur,  
C'est lui votre Seigneur.**

3. Ceux qui cherchent le Seigneur,  
Ne seront privés de rien ;  
S'ils lui ouvrent leur cœur  
Ils seront comblés de biens.



# FANOLORANA NY RAKITRA

*Ry Tompon'ny harena ô,  
Fanatitra an-tsitrapo  
Atolotray Anao izao ;  
Mba raiso ka tahionao.  
Amena !*

*Seigneur ! Toute richesse t'appartient.  
C'est de tout notre cœur  
que nous t'apportons cette offrande !  
Veuille la recevoir et la bénir ! Amen.*

**FANASAN'I TOMPO**

*Sainte Cène*

# **Chant FFPM 138**

1. ‘Ty no andro maharavo  
Ora fifalianay  
Lay Mpanarina ny lavo  
No niady ho anay !  
:: Haleloia, haleloia,  
Ho Anao Mpanjakanay !::

**FIFAMPIZARANA FIADANANA**

# **Sursum corda**

**Mpitarika** : Asandrato ny fonareo ho ao amin'i Tompo  
(Elevons nos coeurs vers le Seigneur!)

**Fiangonana** : Asandratrany ny fonany ho ao amin'i Tompo  
(Nous élevons nos coeurs vers le Seigneur!)

**Mpitarika** : Aoka hoderaintsika ny Tompo Andriamanitra  
(Louons Dieu notre Seigneur!)

**Fiangonana** : Mendrika ny hoderaina Izy  
(Il est digne de louange!)

Vavaka fanombohana (Priere eucharistique)

# **Antema 1 (Sanctus)**

Masina, masina Jehovah Tompo !

Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô !

Amen

**Teny fanorenana (Institution)**

**VAVAKA FAHATSIAROVANA sy FANGATAHANA NY FANAHY MASINA  
(ANAMNÈSE/EPICLÈSE)**

# Chant FFPM 117

3.0, ry Zanak'ondry,  
He, Ianao nijaly !  
Ory voahombo  
Anefa tsy namaly !  
Ny helokay nalainao  
Ka maty re ny ainao !  
Ampiadanonao izahay re !

## VAVAKA NAMPIANARIN'I TOMPO (**PRIERE DOMINICALE**)

**Rainay izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.**

*Notre Père qui es aux cieux, que ton nom soit sanctifié, que ton règne vienne, que ta volonté soit faite sur la terre comme au ciel. Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

## VAVAKA NAMPIANARIN'I TOMPO (**PRIERE DOMINICALE**)

**Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy. Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amen**

*Pardonne-nous nos offenses, comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés. Et ne nous soumets pas à la tentation, mais délivre-nous du mal. Car c'est à toi qu'appartiennent le règne la puissance et la gloire, aux siècles des siècles. Amen!*



**Famakiana ny mofo sy fanandratana ny kapoaka  
(fraction et élévation)**

**Fanasana (invitation)**

## FFPM138

2. Azonao ny fandresena,  
Ry Mpamonjy velona,  
Vitanao ny famonjena  
Tafatsangana Hianao !  
∴ Haleloia, haleloia,  
Ho Anao Mpanjakanay !∴∴

3. Resinao ny fahotana  
Voavoha ny fasanao !  
Torotoro re Satana  
Afaka ny olonao !  
∴ Haleloia, haleloia,  
Ho Anao Mpanjakanay !∴∴

4. Ry Mpandresy fandozana,  
Raisonao ny hajanay !  
Ry Mpamonjy, mitantàna,  
Tano ho Anao 'zahay !  
∴ Haleloia, haleloia,  
Ho Anao Mpanjakanay !∴∴

## FFPM115 – Jeso Tompo lehibe

1. Jeso Tompo lehibe  
Iraky ny Rainy ;  
Nolatsain'ny marobe  
Tsy mba nohajainy !

2. Ory loatra fahizay,  
Zanak'ondry mora ;  
Maty mba ho solonay  
Sady voakora !  
Jeso tia, sns...

**Fiv : Jeso tia, Jeso tia  
Maty voahombo ;  
Maty tany Kalvary,  
Maty re ny Tompo !**

3. Nalahelo, be nanjo,  
Nefa tsy nanota  
Fa nijaly sitrapo  
Tany Golgota !  
Jeso tia, sns...

4. Jeso no Mpamonjy tia  
Nahafoy ny ainy  
Mba hamory 'zay mania  
Hody amin-dRainy !  
Jeso tia, sns...

**FANDRAISANA**  
**COMMUNION**

**Teny fampaherezana**  
**exhortation**

# FF 26

1- Tsy misy reharehako  
Afa-tsy Ianao, Jesosy ô !  
Anao ny hery, Anao ny haja  
Sy Voninahitra  
Ny fasana sy ny fiainan-tsy hita  
Indro efa resinao  
Izao tontolo izao dia nahita  
Fa efa nitsangana Ianao

**Fiv: Sambatra aho, Jeso ô,  
Manana Anao izay Tompon'ny hery.  
Sambatra aho, Jeso ô,  
Miankina eo an-tratranao  
Ampy ahy ny Fitiavanao  
Ampy ahy ny finoako Anao.  
Raketiko ao am-po lalandava  
Fa reharehako Ianao**

# FF 26

2- Nasehonao ilay fahefana  
Manda sy aroko,  
Ka niala maina teo ilay satana  
Izay fahavaloko  
Tsy misy maharombaka akory  
Izay eo an-tananao  
Izany indrindra no ilazako  
Fa reharethako Ianao

**Fiv: Sambatra aho, Jeso ô,  
Manana Anao izay Tompon'ny hery.  
Sambatra aho, Jeso ô,  
Miankina eo an-tratranao  
Ampy ahy ny Fitiavanao  
Ampy ahy ny finoako Anao.  
Raketiko ao am-po lalandava  
Fa reharethako Ianao**

## FF 26

3- Tsy nisy nahitam-pamonjena  
Afa-tsy taminao.  
Nanaiky Ianao, tsy mba noterena  
Hitondra aina vao.  
Ny tananao mahery natsotranao  
Mba hitantana  
Hahaizako mandeha sy mizotra  
Ny làla-marinao.

**Fiv: Sambatra aho, Jeso ô,  
Manana Anao izay Tompon'ny hery.  
Sambatra aho, Jeso ô,  
Miankina eo an-tratranao  
Ampy ahy ny Fitiavanao  
Ampy ahy ny finoako Anao.  
Raketiko ao am-po lalandava  
Fa reharehako Ianao**



# FFPM545

1. Endrey izany hafaliana  
Fa velona aina izahay !  
Tanteraka ny faniriana  
Ka dera ho Anao ry Ray !  
Atolotray tokoa ny tena  
Mba ho fanati-tsitrakao,  
Satria manaiky sy ekena  
Ho tonga olom-baovao !

2. Ny tanindrazanay malala,  
Ry Jeso Tompo, anjakao !  
Hiorina eto, tsy hiala  
Ny fiadanana entinao !  
Ny haizin'ota anie hisava,  
Ny fahantrana koa handao  
Fa ho tarafin'ny Mazava,  
Hanjary tany vaovao !

# FFPM545

3. Ny fiangonanao angony  
Fanahy ô, ho tena iray  
Ka tsy hizarazara intsony  
Fa lanao no mampiray !  
Dia ho fanasina, fanilo  
Ho an'izao tontolo izao !  
Hijoro tsy handraraka ilo,  
Hitafy toetra vaovao !

VAVAKA FISAORANA SY  
FANGATAHANA

---

*Prière d'action de grâce et d'intercession*



**TSODRANO**  
*Bénédictio*

# Chant FFPM 347

Derao Andriamanitra,  
Fa Izy Loharanon-tsoa,  
Derao ny Tompo tokana,  
Ray, Zanaka, Fanahy koa

**FANIRAHANA**

***ENVOI***

# HAFATRA SY TSODRANO

## *Exhortation et bénédiction*

**Mpitarika** : Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena. Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

**Fiangonana : Isaorana anie Andriamanitra !**

*Officiant : Gloire soit à Dieu Père, Fils et Saint-Esprit comme au commencement et d'éternité en éternité Amen.*

*Allez dans la paix au service du Seigneur !*

*Assemblée : Béni soit le nom de l'Éternel!*

# Feon-java-maneno firavana

*Postlude*

---

